**ANDRON'NY FANAHIN'NY FAMINANIANA 2022**

**Tantara ho an'ny Ankizy**

# « Manaraha Ahy »

*Nosoratan'i Arthur L. White*

Ramatoa Ellen White, iray amin'ireo irak'Andriamanitra manokana, dia nanana fahitana sy nofy mihoatra ny 2.000. Ireo fahitana nomena an'i Ellen White dia nomena mba hanampiana ny olona hahafantatra an'i Jesosy sy hanao ny tsara. Tian'Andriamanitra hanao ny tsara isika.

Taona maro lasa izay, raha nandany volana vitsivitsy tany Nouvelle Zélande i Ellen White tany am-piandohan'ny hetsika Advantista, dia nanao fivoriana vitsivitsy tao amin'ny tanàna lehibe ao Wellington izy. Naharitra nandritra ny andro maromaro ireo fivoriana ireo, ary somary reraka ihany Ramatoa White rehefa vita ilay andiam-pivoriana. Nisy zatovovavy iray nanatrika teo izay vao lasa Advantista mitandrina ny Andro Fahafito vao haingana, ary nanasa an'i Ellen White izy mba ho any an-tranon'izy ireo ao amin'ny Helodrano Paremata mandritra ny andro vitsivitsy mba hiala sasatra sy hanala havizanana.

Rehefa niverina tany an-tranony ity zatovovavy ity ka nilaza tamin'ny reniny fa nanasa an'i Ellen White izy mba ho tonga sy hitoetra ao an-tranon'izy ireo, dia tsy faly loatra ilay reniny. Vao haingana izy no lasa Advantista, ka nihevitra fa tsy vonona ny hikarakara ilay irak' Andriamanitra. Ary koa nisy tanora maromaro tao amin'ny fianakaviana izay tsy mambran'ny fiangonana, koa mazava ho azy fa nanao zavatra izay tsy dia fanaon'ireo Kristianina Advantista amin'ny ankapobeny. Efa nomena anefa ilay fanasana, ka dia tonga tao Paremata tamin'ny fiarandalamby ny tolakandro i Ellen White. Nentina tany amin'ilay trano teo amin'ny toeram-pambolena sy fiompiana lehibe iray izay eo ambonin'ilay helodrano izy. Noraisina tamim-pitiavana izy ary satria somary reraka izy dia nandeha natory aloha Ramatoa White. Raha ny marina, dia nandeha natory izy talohan'ny nihaonany tamin'ireo olona rehetra tao amin'ny fianakaviana nampiantrano azy.

**Fahitana amin'ny Alina**

Nahazo fahitana avy tamin'Andriamanitra i Ellen White tamin'io alina io. Tamin'ny efatra maraina, dia nifoha izy, nisolo akanjo, ary nanomboka nanoratra izay zavatra naseho azy. Natao ho an'ny renim-pianakaviana tao amin’ity tokantrano ity ilay hafatra, satria tao amin'ilay fahitana dia naseho azy ny zavatra niainan'ny sasany tamin'ireo olona tao amin'ilay fianakaviana.

Tao anatin'ny taratasy ho an'ilay renim-pianakaviana dia nitantara mikasika ilay fahitana Ramatoa White. Izao no nosoratany: "Hoy ilay anjelin'Andriamanitra tamiko hoe: Manaraha Ahy.'" Avy eo dia toa tonga tao amin'ny efitrano anankiray tao amin'ny trano iray efa antitra sy ratsiratsy izy. Nahita zatovolahy maromaro nilalao karatra tao izy. Toa liana be tamin'ilay lalao karatra izy ireo ka tsy nahatsikaritra akory fa nisy olona niditra tao amin'ilay efitrano. Nahita ankizivavy tao ihany koa i Ellen White. Variana nijery ilay lalao karatra izy ireo. Rehefa nihaino ny resaka tao amin'ilay efitrano i Ellen White, dia nahatsiaro menatra tonga tao izy. Nahatsapa izy fa ny rivotra niainana tao amin'ilay efitrano dia tsy ilay karazany manome hery ny saina na manamafy orina ny toetra.

Avy eo dia nitodika tany amin'ilay anjely Ramatoa White ary nanontany hoe: "Iza ireo tanora ireo, ary maneho inona ity toe-javatra ity?"

Hoy ilay anjely hoe: "Andraso aloha —."

Avy eo dia toa tonga tany amin'ny toerana hafa indray izy. Nefa ireo tanora ireo ihany no tao. Nisotro labiera sy zava-pisotro misy alkaola hafa izy ireo. Hitany ny zavatra nataon'ireo tanora ireo ary reny ny zavatra nolazain'izy ireo raha mbola teo ambany herin'ny zava-pisotro mahamamo izy ireo. Teny maloto sy feno fireharehana no navoakan'izy ireo. Dia nanontany indray an’ilay anjely izy hoe: « Iza moa ireo tanora ireo? » Namaly ilay anjely nanao hoe: "Ireo tanora ireo dia anisan’ny fianakaviana izay vangianao." Avy eo dia nanohy nilaza ilay anjely fa i Satana, ilay fahavalo lehiben'ny fanahy, ilay fahavalo lehiben'Andriamanitra sy ny olona, no teo sy niandraikitra ny zava-nitranga. Nitarika ireo tanora ireo ho amin'ny faharavana i Satana sy ny anjeliny.

Tao anatin'ilay fahitana dia hitan’i Ellen White ilay anjely nanatona ny zatovolahy iray ary nametraka ny tànany teo amin'ny sorony sady niantso azy tamin'ny anarany. Rehefa niteny ilay anarana ilay anjely dia fantatr'i Ellen White fa anaran'ilay fianakaviana nampiantrano azy izany. Nilaza ilay anjely fa mampidi-doza ny milalao karatra sy miloka ary

misotro. Nitalaho tamin'io zatovolahy io ilay anjely mba hiala amin'ireo zavatra ireo sy hanome ny fony ho an'ny Tompo. Izany rehetra izany dia nosoratan'i Ramatoa White ho an'ilay renim-pianakaviana tamin'io ora vao maraina io, talohan'ny nihaonany tamin'ireo tanora ireo aza.

Nikasa ny handany andro roa na telo monja tao amin'ity trano ity i Ellen White, saingy nisy oram-be nivatravatra sy fihotsahan'ny tany teo amin'ny lalamby, ka tsy nahafahany nandeha nandritra ny herinandro ka hatramin'ny folo andro.

Nisy fiantraikany lalina teo amin'ireo ankizy sy tanora tao amin'ilay fianakaviana ny fiainana matotra sy feno fahatokiana izay niainan'i Ellen White fony izy niaraka tamin'ity fianakaviana ity. Hitan'izy ireo fa tsy nanao zavatra tafahoatra na nafana fo tafahoatra izy. Hendry sy tena nanampy azy ireo tokoa ny toroheviny. Tsy ela dia tian'ireo ankizy sy tanora ny hanana fiainana mitovy amin'ny fiainany. Nampirisika azy ireo izy mba hanaiky an'i Jesosy ho Mpamonjy azy ireo sy hijoro ho Azy. Saika ny ankizy rehetra tao amin'ity fianakaviana lehibe ity no nanaiky ny fahamarinana ary lasa Advantista mahatoky sy mazoto.

---

Arthur L. White, nalaina avy tamin'ny Campfire *Junior Stories from the Days of S.D.A. Pioneers*. Ity tantara ity dia mifototra amin'ny taratasin'i Ellen G. White ho an'ilay renim-pianakaviana, ary tamin'ny resaka nifanaovan'i Arthur White tamin'ny ankizy sasany sy zafikely tao amin'ilay fianakaviana.